**Andro fivavahana sy fifadian-kanina**

**Boky tari-dalana**

**Loha-hevitra : Mpitolona amim-bavaka manova izao tontolo izao**

*Fivavahana manova ny fomba fijery*

Telovolana faharoa 2019

Sabata 6 aprily 2019

Fifohazana sy Fanavaozana

**Loha-hevitra : Mpitolona am-bavaka manova izao tontolo izao**

## *Fivavahana manova ny fomba fijery*

**Inona no antony ilàna ny andro fifadian-kanina sy fivavahana ?**

Alaivo sary an-tsaina fa ianareo dia ray aman-dreny izay tsy maintsy handao ny zanakareo, ary tsy hihaona amin'izy ireo intsony raha tsy any amin'ny fanjakan'ny lanitra indray. Inona no zava-dehibe indrindra tokony holazainareo amin'izy ireo ?
Nanana izany olana izany i Jesosy teo am-piomanana hiverina ho any an-danitra rehefa avy nohomboina teo amin'ny hazo fijaliana. Inona no enta-mavesatra farany nozarainy tamin'ny mpianany ? Rehefa mamaky ny vavaka sy ny toro-hevitra farany nomeny ao amin'ny Jaona 15-17 isika dia hahatsikaritra fa misy loha-hevitra miverimberina ao : firaisan-kina, fitiavana ary ny fitadiavana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka. Fanirian'i Jesosy ny hahita ny fiangonana vao nijoro hanana tanjona iraisaina, hisy firindrana eo anivony ary hanatanteraka iraka miaraka. Ankehitriny, ao anatin'ny tsy fitoviam-pijery izay tsy mbola nisy toy izany teto amin'izao tontolo izao, teo amin'ny firenentsika sy ny fiangonantsika, dia ilaintsika koa ny hihaino ny toro-hevitra avy amin'i Jesosy ny amin'ny hikatsahana ny Fanahiny sy ny hiarahan'ny rehetra manatanteraka ny iraka. Amin'ny maha-olombelona dia toa tsy ho vita izany. Izany indrindra no antony ilàntsika mivavaka mbola tsy nisy toy izany tany aloha mba hisian'ny fahagagan'ny fampihavanana izay Andriamanitra irery ihany no afaka manao izany.
Manasa anareo izahay mba hivavaka ao amin'ny toerana voatokana fanaovanareo izany. Manasa anareo izahay mba hivavaka miaraka amin'ny mambran'ny fiangonana misy anareo. Manasa anareo koa izahay mba hivavaka sy hifady hanina ao anatin'ny sehatry ny Fifohazana sy Fanavaozana maneran-tany. Mety tsy hisafidy ny hifady hanina tanteraka ianareo. Angamba mety hifady tsy hihinana ny tsindrin-tsakafo ianareo na ny fikirakirana ny fifandraisana eo amin'ny tambazotra ara-tsosialy na koa hampihena ny fihinananareo sakafo mifototra amin'ny zavamaniry.
« Manomboka izao ka hatramin'ny fifaranan'ny fotoana, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, ho malina kokoa, tsy hiantehitra amin'ny fahendren'ny tenany, fa amin'ny fahendren'Ilay Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana fotoana hifadian-kanina sy hivavahana izy ireo. » (Ellen White, Review and Herald, Feb. 11, 1904).
Noho ny safidinareo hifantoka lalindalina kokoa amin'ny fivavahana, dia hitahy anareo anie Andriamanitra sy hanatanjaka ny fonareo amin'ireo andro feno fihaikana ho avy rehetra.

Cindy Tutsch.
Komitin'ny Fifohazana sy Fanavaozana

## Soso-kevitra mikasika ny drafitra arahina

**Fandaharam-potoana mandritra ny tontolo andro :**

- Fandinihan-tena /toriteny : « Fivavahana manova ny fomba fijery. » Azo atao toriteny amin'ny Sabata maraina na atao ho fandinihan-tena mialoha ny fotoana natokana hivavahana.
- Raha atao toriteny amin'ny Sabata maraina izany, dia indro misy soso-kevitra mikasika ny toko sy andininy fototra sy ny tantara ho an'ny ankizy.
- Omena antsika ato anatin'ny tari-dalana ity ny soso-kevitra mikasika ny fotoam-bavaka amin'ny tolakandro. Mampirisika izahay mba haharitra eo amin'ny ora 1-2 izany, avelao ny Fanahy Masina no hitarika.
- Asao ny mambran'ny fiangonana mba hiaraka hivavaka sy hifady hanina. Manaova dika betsaka ary zarao izay tsara ho fantatra mikasika ny fifadian-kanina fara-faharatsiny herinandro mialoha mba hahatakaran'ny mambra izany hoe mifady hanina sy mivavaka izany sy mba hahazoan'izy ireo misafidy ny fomba handraisany anjara amin'io andro io.

**Vakiteny fototra :** Salamo 147.

**Soso-kevitra mikasika ny tantara ho an'ny ankizy :**

Tantarao ny mikasika ireo boka 10 lahy ao amin'ny Lioka 17:11-19. Tsindriana ireto teboka manaraka ireto :
Boka izy 10 lahy. Ny fahabokana dia karazana aretin-koditra. Rehefa nisy olona voan'ny aretin-koditra tamin'izany fotoana izany, dia tsy maintsy mankany amin'ny mpisorona izy ireo, ka ireto farany no tompon'ny teny farany na habokana izany na tsia. Raha toa ka habokana izan, ny mpisorona dia nilaza tamin'ilay olona boka mba hihataka tsy hanakaiky na iza na iza mba tsy hiparitahan'ny aretina.
Nambanian'ny olona ireo boka tamin'izany satria ny habokana dia noheverina ho toy ny famaizana avy amin'Andriamanitra noho ny ratsy nataon'izy ireo.
Samy nanatona an'i Jesosy izy 10 lahy mba hositraniny. Nilaza tamin'izy ireo i Jesosy mba handeha any amin'ny mpisorona sy haneho fa sitrana izy ireo - eny fa na mbola nisy habokana aza teo amin'izy ireo.
Ny mpisorona ihany no afaka milaza fa sitrana izy ireo ary afaka miverina mifampikasoka amin'ny olona indray.
Teny an-dalana dia sitrana izy ireo.
Rehefa nahatsapa fa sitrana ny iray tamin'izy ireo, dia niverina nisaotra an'i Jesosy izy. Tsy nisy nanao izany kosa ireo hafa. Nanohy ny dian'izy ireo nankany amin'ny mpisorona ihany izy ireo.
Dia nanontany i Jesosy hoe nankaiza ny sivy hafa. Diso fanantenana Izy fa tsy niverina teo Aminy izy ireo. Nanantena anefa Izy fa feno fankasitrahana ihany koa izy ireo na dia izany aza.
Tsy nirian'i Jesosy ny hiverenan'izy ireo ho eo Aminy na ny hisaotra Azy satria mahametimety Azy izany, fa satria soa ho azy ireo ny nanao izany. Ilay boka izay niverina teo amin'i Jesosy kosa dia nahazo fitahiana betsaka raha ampitahaina amin'ireo hafa. Nambaran'i Jesosy taminy fa ny finoany no nahasitrana azy. Rehefa sitrana ireo boka 10 lahy, dia ilay iray ihany no nahazo fampaherezana ara-panahy.
Ny fisaorana an'i Jesosy tamin'izay rehetra nataony ho antsika dia mahatonga ny finoantsika Azy hatanjaka.

## TORITENY / FANDINIHAN-TENA

**Fivavahana manova ny fomba fijery**

Niteraka horohoro tao am-pony ny fandrenesana ny vaovao. Nivondrona mantsy ireo fahavalon' ny vahoakan'Andriamanitra mba hanapotika azy ireo. Tsy misy na inona na inona azon'izy ireo natao mba hialana tamin'izany.

Inona ary no azon'izy ireo hatao? Nifantoka tany aminy avokoa ny maso rehetra amin'ny maha-mpanjaka azy; noheverina fa any aminy no misy ny vaha-olana. Andraikiny mantsy ny miaro sy mitarika ny firenena. Maro loatra anefa ireo fahavalo sady toa efa voaomana hiady tsara. Toa ohatra ny efa voaheloka ny vahoak'Andriamanitra. Sa tena izany tokoa?

Zavatra iray loha ihany no nataon'i Josafata. Nikatsaka an'Andriamanitra izy. Toy izao no ambaran'ny Baiboly, "Dia natahotra Josafata ka nanatrika tsara hitady an'i Jehovah sady niantso andro fifadian-kanina ho an'ny tanin'ny Joda rehetra." (2 Tant. 20:3). Nanatrika tsara hitady an'i Jehovah izy. Tena niniana natao izany, safidy. Natahotra izy, kanefa tsy navelany hahazo vahana izany tahotra izany. Nifidy ny hanatona an'Andriamanitra izy. Nanasa ny sisa rehetra ihany koa izy mba hiaraka aminy sady niantso fifadian-kanina ho an'i Joda rehetra. "Dia niangona ny Joda hangataka famonjena amin'i Jehovah; eny, avy tamin'ny tanànan'ny Joda rehetra hitady an'i Jehovah izy" (2 Tant. 20:4). Tsy fotoana mahazatra tahaka ny Alarobia natao hanaovana fiaraha-mivavaka izany fa natokana hanaovana alim-bavaka. Fantatry ny vahoaka fa miankina aman'aina izany. Tena nitady an'Andriamanitra tokoa izy ireo – nitady fahagagana. Tsy nahafantatra izay tokony ho nataon'izy ireo akory izy ireo tamin'izany, kanefa niray fo sy saina nitady fatratra an'i Jehovah izy rehetra. Dia notarihin'i Josafata hivavaka ny vahoaka, nifantoka betsaka tamin' Andriamanitra izy fa tsy tamin'ireo fahavalo efa mby teo am-baravarana. Dia nanomboka nifantoka tamin'ny maha-Andriamanitra an'Andriamanitra izy, sy tamin'izay efa nataony ho azy ireo tamin'ny lasa. Nampahatsiahiviny Azy ireo fanokanan-tenan'izy ireo ho Azy ary dia nentiny teo Aminy ny olana. Tsy nanoro-hevitra an'Andriamanitra izy – "Ry Andriamanitray ô, tsy hitsara azy va Hianao? Fa izahay dia tsy manan-kery hanohitra ireo olona betsaka ireo, izay avy hamely anay, koa tsy hitanay izay hataonay; fa Hianao no andrandrain'ny masonay." (2 Tant. 20:12).

Dia niandry an'i Jehovah teo izy rehetra. Ity no tena henjana indrindra. Araka ny mahazatra antsika, dia tiantsika ny hivavaka kanefa koa manao zavatra betsaka isika etsy an-daniny, manantena fa hitahy ny ezaka ataontsika Andriamanitra. Na dia teo aza ny tsindry noho ny fahatongavan'ny fahavalo, dia nijoro sady niandry izy ireo. Te-handre izay lazain'Andriamanitra izy ireo, sady nanantena fa hamaly azy ireo Izy. Dia nataon'Andriamanitra tokoa izany ka nanao hoe Izy: "Mihainoa ianareo, ry Joda rehetra sy ry mponina any Jerosalema, ary ianao, ry Josafata mpanjaka: Izao no lazain'i Jehovah aminareo: Aza matahotra na mivadi-po ny amin'ireo olona betsaka ireo, fa tsy anareo ny ady, fa an'Andriamanitra. Rahampitso dia midìna hiady aminy ianareo; fa, indreo, hiakatra amin'ny fiakarana Ziza izy; ary ianareo hahita azy eo amin'ny faran'ny lohasahan-driaka tandrifin'ny efitr'i Jeroela. Tsy ianareo anefa no hiady amin'ity; mijanòna tsara, fa ho hitanareo ny hamonjen'i Jehovah anareo, ry Joda sy Jerosalema. Aza

matahotra na mivadi-po, fa rahampitso dia mivoaha hiady aminy; fa Jehovah no momba anareo." (2 Tant. 20:15-17).

Nofaranan'Andriamanitra ny hafatra ho azy ireo mba tsy hatahotra na ho kivy izy ireo. Nilain'izy ireo ny fampahatsiahivina ireto zavatra manaraka ireto. Fantatr'Andriamanitra ny tahotra sy ny fahakiviana, ny tebiteby sy ny ahiahy nahazo azy ireo noho ny fahavalo, kanefa dia nanome toky azy ireo Izy fa fantany tsy misy miafina Aminy ny manjo azy ireo ary Izy no handray an-tanana ny zavatra rehetra. Nanana drafitra ny amin'ny ady Izy.

Nambaran'Andriamanitra mazava tsara tamin'izy ireo izay tokony handrasan'izy ireo fa ho avy – ny faritra ihavian'ny fahavalo sy ny toerana hahatratraran'izy ireo ny fahavalo. Nampanantena Izy fa hiady ho an'ny vahoakany. Tsy nilaza tamin'izy ireo anefa Izy mba handositra sy hiery ary tsy nampanantena azy ireo koa fa handringana ny fahavalony. Ilain'izy ireo ny mandray anjara sy mino ary matoky fa Izy no hiady ho azy ireo fa tsy hamela azy ireo ho irery.

Inona no navalin'i Joda izany? Fiankohofana. "Dia niankohoka tamin'ny tany Josafata; ary ny Joda sy ny mponina rehetra tany Jerosalema niankohoka teo anatrehan'i Jehovah koa ka nivavaka." (2 Tant. 20:18). Fiankohofana matoanteny no hitantsika eto. Nandray anjara tamin'ny fiankohofana ny vahoaka eto. Tsy maika niala teo anatrehan'ny fanatrehan'Andriamanitra izy ireo rehefa namaly Izy. Nijanona sy nanokana fotoana mihitsy izy ireo mba hanome voninahitra Azy amin'ny alalan'ny fiderana sy ny fanajana – tsy hoe Izy no nila izany fa ny vahoaka no nanao izany. Nampifantoka azy ireo tamin'Andriamanitra fa tsy tamin'ny fahavalo ny fiankohofana. Nanamafy orina ny fitokisan'izy ireo sy ny finoan'izy ireo izany.

Ny ampitson'iny, dia nifoha maraina izy ireo mba hanao izay nasain'Andriamanitra nataon'izy ireo: handeha hivoaka sy hiatrika ny fahavalo. Toy izao no fampahatsiahivana nataon'i Josafata tamin'izy ireo, "Mihainoa ahy, ry Joda, sy ianareo, ry mponina eto Jerosalema: Minoa an'i Jehovah Andriamanitrareo, dia ho tafatoetra ianareo; minoa ny mpaminaniny, dia hambinina ianareo." (andininy 20).

Rehefa nahazo izany teny fampaherezana izany izy ireo dia niomana naka ny toerany avy mba hiatrika ny ady. Nanapa-kevitra i Josafata hametraka ireo mpihira teo amin'ny loha-laharana – izy ireo no nitarika ny hira sy ny fiankohofana – tsy ny mpitari-tafika rehetra no manao drafitra tahaka izany. Araka ny mahazatra, dia ireo miaramila matanjaka no mandeha eo aloha. "Ary raha vao nanomboka nihoby sy nidera ireo, dia nasian'i Jehovah otrika hamely ny taranak'i Amona sy Moaba sy ny avy any an-tendrombohitra Seira, izay avy hamely ny Joda, ka dia resy ireo." (andininy 22). Raha vao nanomboka ny hira fiderana an'Andriamanitra izy ireo, dia nanomboka niady ho azy ireo Izy. Tamin'ny fotoana izay nahatongavan'izy ireo teo amin'ny toerana izay nahitan'izy ireo ny tany fiadiana, dia efa nifamono ireo fahavalon'izy ireo. Tsy nisy niangana na dia iray akory aza. Rehefa tonga teo amin'ny tany fiadiana izy ireo tamin'ny farany, dia nandany telo andro izy ireo nanangona ireo harena azo tamin'ny ady tsy nataon'izy ireo akory. Telo andro! Toy izao no nambaran'ny Baiboly, "Ary avy hamabo azy Josafata sy ny vahoakany, dia nahita harena betsaka sy faty ary fanaka sarobidy teo izy, ka dia namabo mihoatra noho izay zakany ho entina; ary hateloana no nanangonany ny babo, fa be dia be ireny." (andininy 25).

Inona no nataon'izy ireo taorian'izany fanangonana harena izany? Nanao vavaka fiankohofana ary nitodi-doha nody tamim-pifaliana izy ireo. Rehefa tafaverina tany Jerosalema izy ireo, dia nankany am-piangonana avy hatrany mba hiankohoka sy hidera an'Andriamanitra indray.

Raha feno tahotra sy sahiran-tsaina be izy ireo talohan'ny ady, izao kosa izy ireo dia feno fitokisana sy falifaly sady nanan-karena. Izany fanandramana izany dia tsy nisy akony teo amin'i Joda fotsiny fa teo amin'ireo firenena nanodidina azy ireo mihitsy. "Ary ny fahatahorana an'Andriamanitra nahazo ny fanjakana rehetra manodidina, nony efa reny fa Jehovah no niady

tamin'ny fahavalon'ny Isiraely. Ary nandry fahizay ny fanjakan'i Josafata; fa nomen' Andriamaniny fiadanana tamin'ny manodidina izy.” (andininy 29, 30).
Rehefa tena miankohoka marina tokoa amin'Andriamanitra isika – mibanjina Azy, mahatoky Azy, mahatsiaro ny maha-Izy azy sy izay nataony sady midera Azy – hanova ity izao tontolo izaontsika ity izany. Hanome antsika fandresena amin'ireo ady samihafa ataontsika amin'ny fahavalo izany – toy ny tahotra, fahakiviana, tebiteby ary fisalasalana. Hisy akony eo amin'ireo manodidina antsika koa izany. “Ny fiakentsika ny fahalehibeazan'Andriamanitra dia fitaovana ampiasain'ny lanitra amin'ny fanehoana an'i Kristy eto amin'izao tontolo izao. Tsy maintsy manaiky ny fahasoavany isika izay nampahafantarina tamin'ny alalan'ireo lehilahy masina taloha; fa ny tena mahomby indrindra dia ny fijoroana ho vavolombelona ataontsika amin'ny alalan'ny fanandramantsika. Vavolombelona maneho an'Andriamanitra isika amin'ny fanehoantsika eo amin'ny tenantsika ny fiasan'ny herin'Andriamanitra. Tahaka ny olona tsirairay izay manana ny fiainany manokana mampiavaka azy amin'ny olona hafa rehetra, dia tahaka izany ihany koa eo amin'ny fanandramana iainany. Ireo fankasitrahana sarobidin'ny fiderana ny voninahitry ny fahasoavany, rehefa tohanan'ny fiainana tahaka ny an'i Kristy, dia manana hery tsy hay tohaina izay miasa amin'ny famonjena fanahy.” (Ellen G. White, The Desire of Ages, p. 347).
Josafata sy ny firenen'i Joda dia nainga avy teo amin'ny tahotra sy ny fahakiviana no tonga mahery fo sy be fitokisana. Potika ny fahavalon'izy ireo, ary ny firenena nanodidina dia nanaiky fa Andriamanitra no niady ho azy ireo.
Tamin'ny fomba ahoana ary no nahatonga an'i Joda ho voaova? Tamin'ny fifantohan'izy ireo tamin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fivavahana sy ny fiankohofana. Nanova ny fomba fijerin'izy ireo ny tontolo nanodidina azy ireo izany. Hanova ny antsika ihany koa izany. Inona ary no zavatra azontsika ianarana avy tamin'ny ohatra nomen'izy ireo?

- **Manao fanahy iniana mitady an'Andriamanitra**. Indrindra moa rehefa ny tahotra, ny tebiteby na ny fahakiviana no mameno ny fontsika.
- **Manasa ny hafa mba hikambana amintsika.** Ireo rehetra izay nahatsiaro fa voatohitohina tamin'ilay ady dia nikambana niara-nivavaka, nifady hanina sy nitady an'Andriamanitra. Alaivo sary an-tsaina izay zavatra mety hitranga raha toa isika ka manaraka ny ohatra nomen'i Joda. Inona no zavatra hitranga raha toa ka miara-mivavaka, miara-mifady hanina ary miara-mitady an'Andriamanitra ny mpivady ao an-tokantranony? Inona no hitranga raha toa ka miara-mivavaka, miara-mifady hanina sy mitady an'Andriamanitra ho an'ireo zanany ny ray aman-dreny? Inona no hitranga raha toa ka miara-mivavaka, miara-mifady hanina sy mitady an'Andriamanitra ho an'ireo ady atao amin'ny fahotana, ny fitsiriritana, ny fiankinan-doha, ny fiavonavonana, ny tsy fandriam-pahalemana, ny tahotra, ny fijerana sary mamoafady, ny fifosafosana sy ny sisa ny fiangonana? Hanao ahoana ny ho fiovan'ny fiainantsika raha toa ka isika rehetra no tena miara-mivavaka sy mitady an'Andriamanitra, mahatsapa fa tsy mahavita na inona na inona?
- **Mandany fotoana betsaka hifantohana amin'Andriamanitra fa tsy amin'ny olana**. Ny fivavahana dia natao mba hampifantoka na amin-javatra iray na amin'ny olona iray – mandania fotoana ho amin'izany. Raha toa ka mandany ny ankamaroan'ny fotoanantsika amin'ny olana mahazo antsika, na ny tahotra, na ny fisalasalana, na ireo fihaikana eo anoloantsika isika dia mety hitarika antsika hivavavaka amin'ireo olana izany fa tsy amin'Andriamanitra. Tahaka an'i Josafata sy ny firenen'i Joda: - miderà an'

Andriamanitra amin'ny maha-Izy azy. – Misaora Azy ny amin'izay efa nataony sahady. – Avereno indray ny voady fanoloran-tena nataonao taminy. – Apetraho Aminy ny olona / fihaikana. – Ekeo fa tsy afaka manamboatra na manova zavatra ianao. – Afantohy Aminy ny masonao.

- **Manantena fa hamaly Andriamanitra.** Matetika isika rehefa mangataka an'Andriamanitra mba hanao zavatra, mety miaiky ny tsy fahafahantsika manao na inona na inona angamba isika, rehefa miala eo isika dia miezaka manao ilay zavatra amin'ny herin'ny tenantsika. Niandry ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra ny firenen'i Joda. Niandry izay fomba hamalian'Andriamanitra izy ireo sady nino fa hanao izany Izy. Mety tsy ho afaka ny hiandry fotsiny angamba isika mandra-pahafantatsika fa hamaly Izy, azontsika atao kosa anefa ny manantena fa hamaly Izy. Azontsika atao ny miambina sy miandry ary mijery Azy.
- **Manohy ny fivavahana.** Rehefa namaly Andriamanitra, dia tsy maikamaika handeha hiady izy ireo. Nanohy nidera sy nivavaka tamin'Andriamanitra izy ireo. Misaora an' Andriamanitra ny amin'izay hitanao fa efa ataony.
- **Mandehàna.** Rehefa nilaza tamin'izy ireo Andriamanitra fa Izy no hiady, dia tsy nijanona fotsiny tany amin'ny toby izy ireo. Tsy maintsy niatrika ny fahavalony izy ireo. Na dia efa nanao famindràna ho any an'ady aza izy ireo, dia tsy mbola nahazo sary an-tsaina akory ny fomba fiadin'Andriamanitra na izay hataony – na izay tokony hataon'izy ireo. Dia nandeha izy ireo, nihira sady nidera Azy nandritra ny dia nataony. Dia nanomboka niady Andriamanitra raha vao nanomboka nandeha sy nivavaka izy ireo. Efa nandresy sahady Izy na dia tsy mbola tonga tany amin'ny tany fiadiana aza izy ireo. Aza miafina. Mivoaha! Matokia an'Andriamanitra fa hasehony anareo izay tiany hatao mifanindran-dalana amin'ny fivavahana ataonareo.
- **Manangona harena.** Milaza amintsika ny Baiboly fa Andriamanitra dia mampitondra "entana (fitahiana) isan'andro isan'andro" Izy. Asio toerana iray hametrahanareo ireo zavatra rehetra mahavelom-pisaorana anareo. Ambarao amin'ny hafa izany. Amin'ny famerenanareo ireo zavatra nataon'Andriamanitra, dia hahatsiaro ianareo fa hihamatanjaka ny finoanareo, ary ho vavolombelona hanambara ny herin'Andriamanitra amin'ny hafa ianareo.
- **Manaova ny fivavahana ho fomba fiaina.** Nivavaka tamin'Andriamanitra izy ireo rehefa tsy nahafantatra izay tokony hatao. Nivavaka tamin'Andriamanitra izy ireo rehefa namaly Izy. Nanohy nihira sy nidera Azy izy ireo rehefa nizotra ho any amin'ny ady. Nivavaka taminy izy ireo rehefa avy nanangona ireo harena azo tamin'ny ady izay tsy nataon'izy ireo akory. Nihira sy nidera an'Andriamanitra izy ireo raha teny an-dalana nody, sady tonga dia namantana tany amin'ny fiangonana sy nanandratra vavaka marobe. Mihainoa zava-maneno sy feon-kira mampivavaka ao anatin'ny fiaranao. Zarao ireo zavatra hitanao fa ataon'Andriamanitra. Manaova lisitr'ireo zavatra 3-5 isan'andro izay mahatonga anareo hankasitraka Azy – ataovy izay hahatonga ny lisitra ho vaovao isan' andro. Aza mifantoka fotsiny amin'ny zavatra nataon'Andriamanitra ho anareo, fa kosa ataovy izy hampifantoka anareo amin'ny maha-izy Azy. Ataovy izy hieritreretanareo toetran'Andriamanitra iray. Mamakia ny Baiboly ary diniho tsara ny fomba fanehoan'izany an'Andriamanitra. Misaora Azy ny amin'izany toetrany izany ary katsaho koa izany mba ho tonga toetranao. Nanao ahoana ny nanehoan'Andriamanitra ny famindram-pony? Nanao ahoana ny faharetana nananany?

**“**fa tsy avy amin'ny nofo ny fiadian'ny tafikay, fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy; fa mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalalana an'Andriamanitra izahay ka mamabo ny hevitra rehetra hanaiky an'i Kristy, …” (2 Kor. 10:4-5).

Ny fivavahana – iniana afantoka amin’Andriamanitra – dia fomba iray hahazoana ny fandresena amin’ny ady, famaboana ny hevitra rehetra. Ary rehefa mivavaka isika, dia hanova ny fomba fijerintsika ity izao tontolo izao ity – sy ireo ady – manodidina antsika izany.

**Fandaharam-potoana amin'ny tolakandro**

**Toerana :** Mivory ao am-piangonana ny rehetra, na raha toa ka kely ny tarika misy anao, dia azonareo atao ny mivory amin'ny toerana izay mampahazo aina anareo tsy misy fanelingelenana.
**Fanombohana:** Ny hira na feon-javamaneno mandrakariva no manasa ny olona sy manomana azy ireo. Atombohy amin'ny hira vitsivitsy izay ankafizin'ny olona ny fotoana mba hanomana ny fiangonana ho amin'ny rivo-piainana feno fanajana sy hampirisika azy ireo hitady an' Andriamanitra.
**Fiarahabana :** Ny mpitarika no miarahaba ny olona sady manao teny fampidirana :

- Natao hivavahana sy hikatsahana an'Andriamanitra ity fotoana ity.
- Tehirizina ho tsiambaratelo ny zavatra rehetra eto ary tsy tokony aparitaka any ivelan'ity efitrano ity.
- Mihoatra noho ny teny aloaky ny vavantsika ny fivavahana. Takio amin'Andriamanitra ny teny fikasana voarakitra ao amin'ny Soratra Masina. Manaova hira andininy iray na roa iarahan'ny rehetra.
- Ataovy izay hampahazo aina anareo – mipetraka, mitsangana, mandohalika, sns.
- Aza angonina mialoha ny antom-bavaka. Hazavao fa fotoanan'ny fivavahana izao fa tsy firesahana, noho izany dia ilaina ny mivavaka amin'ny fotoana natokana ho amin'izany.
- Rehefa misy olona mivavaka ho an'ny antom-bavaka manokana na olona, dia asaina ny hafa mba hanandratra vavaka amin'ny feo mafy ho an'izany antom-bavaka izany. Misy hery amin'ny fihainoana ny vavaka ataon'ny hafa rehefa mivavaka ho an'ny antom-bavaka manokana na olona ao am-pony izy ireo.
- Ny lohahevitra amin'ity tolakandro ity : « Ireo fivavahana manova ny fomba fijery. » Tahaka an'i Josafata sy ny vahoakan'Andriamanitra, dia hanokana fotoana isika hiderana sy hivavahana amin'Andriamanitra, manana fahatokiana Azy fa hiady ny adintsika Izy.

**Tari-dalana ho an’ny mpitarika:**

- Tadidio fa tsy misy maharatsy ny fahanginana amin’ny fotoanan’ny fivavahana. Mandritra ny fivavahana, dia aoka tsy hisy hahatsapa fa ilaina ny mameno ny banga na faranana mialoha ny fotoana ny vavaka. Mety misy olona manararaotra iny fahanginana iny hanaovany vavaka manokana sy haingana, ny sasany kosa dia mety mila fotoana kely vao afaka manonona vavaka amin’ny feo mafy. Avelao ny fahanginana hanjaka. Manisà fotsiny segondra vitsivitsy – eny hatramin’ny 30 segondra aza – mba hahafahan’ny Fanahy Masina mandrisika olona hivavaka.
- Raha toa ka tsy zatra miara-mivavaka ao anatin’ny tarika, ao anatin’izany ny Soratra Masina atao vavaka sy ny fihirana mandritra ny fotoam-bavaka ny fiangonanao, dia mila mitarika manome ohatra ianao. Azonao atao koa ny mangataka olon-kafa alohan'ny fotoana mba hitarika hanome ohatra amin'ny alalan'ny Soratra Masina atao vavaka na amin'ny fitarihana hira mandritra ny fotoam-bavaka. Na dia ny fiaraha-mivavaka aza no laharam-pahamehana dia araraotina ihany koa ny fotoana mba hahafahana mampianatra ny olona ny fomba fivavahana ao anatin’ny tarika iray.

**Fotoam-bavaka :** Zaraina ny tari-dalana mikasika ny “Fivavahana manova ny fomba fijery.” Ny mpitarika dia tokony hanome anjara ny mpanatrika, sady mampiasa ny tari-dalana.
**Famaranana:** Faranana amin’ny fiderana sy ny fankasitrahana ny fotoam-bavaka. Farano amin’ny hira iray na roa mifantoka amin’ny fiderana an’Andriamanitra ny fotoana amin’ny tolakandro.

Mety misy fiangonana vitsivitsy misafidy ny hiara-misakafo ho famaranana ny fotoanan’ny fifadian-kanina. Aoka mba hatao tsotra ny sakafo fa atao kosa izay hahatonga ny latabatra hanintona mba hisian’ny rivo-piainana manokana sy mahafinaritra.

## Fivavahana manova ny fomba fijery

### Tari-dalana

**Fanombohana:** Atombohy amin'ny alalan'ny fanokanana ny fotoana ho an'Andriamanitra izany. Asao Andriamanitra mba ho tompon'ny hery sy ny fahefana rehetra, hanetsika ny fo, handresy lahatra, hampahery, hametraka fihaikana ary koa hanao fanamafisana. Manasà olona vitsivity hanao vavaka fanoloran-tena sy fileferana tanteraka amin'Andriamanitra sy mangataka Azy mba hitarika izany. Angataho Izy mba hanampy antsika tokoa amin'ny fivavahana atao Aminy sy amin'ny fianarana hitoky Aminy amin'ny ady rehetra izay atrehintsika.

**Fiderana sy fiankohofana.**
Ny ankamaroan'ny fotoana laniantsika amin'ny fivavahana sy ny fiankohofana dia hifantoka amin'ny fiderana sy ny fiankohofana. Mila ny fitarihan'ny mpitarika mandritra ity fotoana ity, manome soso-kevitra samihafa ny antony izay hanaovana ny fiderana. Tsy hangataka zavatra amin'Andriamanitra fotsiny isika fa koa hisaotra Azy ny amin'izay efa ataony sy ny fahavononany hiasa sahady.

a. **Derao Andriamanitra amin'izay maha-Izy Azy**.
Asao ny mambra hanomboka hidera an'Andriamanitra noho ny amin'ny toetrany. Inona no tian'izy ireo mikasika an'Andriamanitra? Inona ireo zavatra tena mahatonga azy ireo hankasitraka Azy? Asao ny olona mba hanonona fotsiny ireo toetra ireo – tsy mila manao vavaka lavabe. Ohatra: Midera Anao noho ny faharetanao! Misaotra Anao noho ny famindram-ponao isa-maraina!

i. Azonao atao ihany koa ny manonona ny toetran'Andriamanitra sy manasa ny olona hidera Azy noho izay hataony sahady ka hahatonga izany toetra izany ho hita taratra eo amin'ny vahoakany.
ii. Rehefa mangina ny olona, na toa tsy manana ambara intsony, dia azonao atao ny manonona toetran'Andriamanitra hafa, toy ny: marina, tsitoha, ambony indrindra, eo mandrakariva, masina, manao ny marina, tsara fanahy, mamindra fo, miantra, manana faharetana, sns.

b. **Misaotra Azy ny amin'izay efa nataony.**
Asao ny olona mba hisaotra an'Andriamanitra ny amin'izay efa hitan'izy ireo fa ataony eo amin'ny fiainany. Ampirisiho izy ireo mba hanao izany amin'ny fehezanteny iray na roa – tsy misy ilàna ny filazana ny antsipiriany. Ny tanjona dia ny mba hiderana an' Andriamanitra fa tsy hiresaka zava-misy na olona na toe-javatra iray.

- Rehefa mangina ny olona dia azon'ny mpitarika atao ny mametraka fanontaniana izay mampahatsiahy ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra teo amin'ny fiainan'izy ireo. Asao izy ireo mba hisaotra fotsiny. Ohatra: Hitanareo ve ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra teo amin'ny fiainan'ny olona iray izay nivavahanareo? Raha eny, mitenena fotsiny hoe: misaotra Anao! Na koa, moa ve Andriamanitra nitahy anao tamin'ny zavatra izay nilainao? Asandrato ny feonareo ary mitenena fotsiny hoe: misaotra!

**Fanokanan-tena**.
Mandania fotoana amin'ny fiderana sy ny fisaorana. Mijanona elaela mihitsy eo. Mifantoka amin'ireo ny zavatra atao androany. Rehefa avy eo, dia asao ny mpandray anjara mba hanao

vavaka fanokanan-tena amin'ny fampileferany ny fiainany manontolo sy ny sitrapon'izy ireo ho Azy.

**Fanelanelanana.**
Josafata sy ny firenen'i Joda dia nametraka ny olana teo anatrehan'Andriamanitra. Nolazain'izy ireo fotsiny ny olana fa tsy nilaza taminy izay tokony hataony izy ireo na koa niditra tamin'ny antsipiriany. Fantatr'izy ireo fa mahafantatra izay miseho Andriamanitra ary natoky izy ireo fa hamaly Izy. Asao ny mpanatrika mba haneho ny filàn'izy ireo, ny fihaikana tsy maintsy hatrehin'izy ireo ary ny olona izay tokony ho entina am-bavaka amin'ny feo mafy – tsy tononina ny antsipiriany rehetra na ny fangatahana. Azon'ny mpitarika atao ny manampy azy ireo amin'ny fanononana antom-bavaka samihafa:

a. Misy olona ve izay tianao mba hahafantatra an'Andriamanitra amin'ny fomba azo tsapain-tanana? Tonony amin'ny feo mafy fotsiny ny anaran'ilay olona.
b. Misy olana mahazo anao ve izay ilànao ny fanampian'Andriamanitra? Azonao tononina amin'ny feo mafy ny loha-hevitra (ohatra: "ara-bola," "fahasalamana," "fiankinan-doha," …) na koa manao vavaka mangina. Atolory an'Andriamanitra izany.
d. Moa ve ianao na olona izay tianao manana olana ara-pahasalamana? Tonony fotsiny ny anaran'ilay olona rehefa entina eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo.

Tohizo amin'ny fanontaniana hafa, manasa ny olona hametraka ireo zavatra ilain'izy ireo eo anatrehan'Andriamanitra. – na tononina izany na am-pahanginana. Rehefa mamarana ity fotoana ity ianareo, dia azon'ny mpitarika atao ny manonona vavaka toy izao: Andriamanitra Ray ô! Entinay eo Aminao ireto fangatahana ireto. Tsy hainay izy tokony hataonay, fantatray kosa anefa fa Ianao no mahay izay tokony atao. Mifantoka any Aminao ny masonay.

**Manantena fa hamaly Andriamanitra.**
Ny firenen'i Joda dia nino fa hamaly Andriamanitra ary niandry Azy teo mandra-panaony izany. Tariho ny mpanatrika hihevitra fa ny fotoana fivavahana dia hanatanjaka ny fanantenan'izy ireo ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra. Ampio izy ireo mba hanao vavaka fiderana sy fisaorana noho izay efa ataon'Andriamanitra sy izay efa nataony. Ohatra:

a. Misaora an'Andriamanitra fa na dia mety tsy hitanay aza ny fiasanao dia efa miditra an-tsehatra sahady Ianao sady mamaly vavaka.
b. Misaora Azy ny amin'ny fitiavany ireo olona izay hivavahana mihoatra noho ny fitiavantsika azy ireo.
d. Manehoa fankasitrahana fa Izy dia lehibe lavitra noho ny fahavalo sady manana drafitra.
e. Manehoa fankasitrahana fa mamaly ny vavaka ataontsika Izy. Mety ho mafimafy kokoa amin'ny olona ity fizarana ity raha toa izy ireo ka tsy zatra ny misaotra an'Andriamanitra mialoha ny hahitan'izy ireo ny valiny. Ampirisiho izy ireo mba hahatsiaro ny maha-Andriamanitra an'Andriamanitra sy ireo teny fikasana nomeny ho valin'ny vavaka ataontsika. Asao izy ireo mba hitaky ireo teny fikasana manokana ao amin'ny Soratra Masina – averina fotsiny amin'ny feo mafy ilay andininy mba ho ren'ny rehetra.

**Tohizana ny fiankohofana**
Taorian'ny valim-bavaka nomen'Andriamanitra dia tsy nihazakazaka nankany amin'ny vava ady ny Isiraelita fa nanohy ny fiderana sy ny fivavahana tamin'Andriamanitra. Asao ny olona hanao hira 1 na 2 mialoha ny handehanany. Aoka hihira arahina fientanentanana ny olona. Azonao atao ny mifidy hira vitsivitsy mialoha na manasa olona hitarika hira izay arahin'ny be sy ny maro

rehefa avy eo. Manokàna fotoana betsaka ho an'ny fiderana.

**Andao ary**. Rehefa vita ny fotoam-bavaka, dia ampirisiho ny olona hikatsaka ny valiny avy amin'Andriamanitra. Mangataha amin'Andriamanitra mba hanehoany amin'izy ireo ny fomba handraisany anjara amin'ny valim-bavaka. Ampirisiho ny olona mba hiroso hatrany amin'ny fotoanan'ny fiderana sy ny fiankohofana rehefa manomboka misalasala na mitady ho kivy.

**Fanasana ho amin'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana**

« Manomboka izao ka mandra-pahatongan'ny andro farany, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony hafana fo kokoa, ho mailo kokoa, tsy hatoky ny fahendren'ny tenany, fa kosa hatoky ny fahendren'ny Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana andro maromaro hifadian-kanina sy hivavahana izy ireo. Mety tsy hanao fifadian-kanina tanteraka izy ireo amin'izany, fa kosa tokony hihinana sakafo tsotra, voajanahary ary mahasalama. » (Counsels on Diets and Foods, pp. 188, 189).

« Ao amin'ny Baiboly dia tsy safidy ny fifadian-kanina. Zavatra tsy maintsy atao izany. Tsy nilaza izao ny Matio 6:17, « Raha mifady hanina ianao, » izao kosa no lazainy « Rehefa mifady hanina ianareo. » Ny fifadian-kanina dia anisan'ny tafiditra ao anatin'ny fomba fiainan'ireo mpino, tahaka ny mivavaka sy ny mianatra ny Baiboly. Raha ny marina, ny olo-malazan'ny Baiboly tsirairay dia nifady hanina. … Rehefa dinihina ireo fifadian-kanina ao amin'ny Baiboly, dia ho hitanareo fa amin'ny fotoana rehetra izay hanaovan'ny vahoakan' Andriamanitra fivavahana sy fifadian-kanina, Andriamanitra dia manao asa lehibe amin'ny alalan'izy ireo. Manomboka eo amin'ny fanafahana eo ambanin'ny ziogan'ny fahavalo eo amin'ny ady fanafahana avy amin'ny fonja izay andraisan'ny hery ivelan'ny herin'olombelona anjara, ka mandra-pandrotsaka ny Fanahy Masina tamin'ny Pentekosta, sy ny sisa sy ny sisa, dia mahita modely isika. Ary io modely io dia miverimberina nandritra ny tantaran'ny fivavahana kristianina. » (Melody Mason, United in Prayer Coordinator, General Conference).

Manasa ny mambra isika mba hiaraka amintsika mandritra ny andron'ny fivavahana sy fifadian-kanina ataon'ny fiangonantsika. Asaina manokana ireo izay irintsika mba hahafantatra an'i Kristy amin'ny alalan'ny fifandraisana tena izy, izay hitondra ho amin'ny famonjena sy ny fiainana manolo-tena ho an'Andriamanitra. Aoka hiara-mivavaka ho an'ireo zanatsika, sakaizantsika, fianakaviantsika, mpifanolobodirindrina amintsika, mpiara-miasa amintsika ary ny fiaraha-monina isika.

## Inona no atao hoe « fifadian-kanina » ?

Ny fifadian-kanina dia mihoatra noho ny tsy fihinanan-kanina fotsiny. Raha ny tena izy, ny tena tiana hotsindriana amin'ny fifadian-kanina dia tsy ny handingana sakafo fa ny hampitomboana ny fotoana hivavahana. Ny fifadian-kanina dia safidy hanao zavatra tsy misy na inona na inona mba hahazoana mivavaka sy mifantoka bebe kokoa. Maro no misafidy ny handingana sakafo, kanefa tsy ny olon-drehetra no afaka mifady hanina tanteraka, ary tsy ny olon-drehetra ihany koa no mifidy izany karazana fifadiana izany. Afaka misafidy ny hihinana sakafo tsotra sy malefaka kokoa ianao. Azonao atao koa ny mifady zavatra iray na roa, toy ny tsindrin-tsakafo na sakafo namboarina tamin’ny fomba manokanasy moderina. Ny fifadian-kanina ihany koa dia mety hiseho amin’ny tsy fampiasana tambazotra ara-tsosialy, tsy fijerena fahitalavitra, na koa ny fampiatoana ireo fahazarana mandany fotoana.

Raha misafidy ny mifady hanina tanteraka ianao (ataovy izay ahazoana antoka fa ampy tsara ny rano na ranom-boankazo izay sotroinao), ny fotoana izay lanianao amin’ny fahandroana sy ny fihinana dia atokany ho an’ny fivavahana. Raha mifady zavatra iray na roa ianao, isaky ny alaim-panahy hihihana izany ianao, dia mivavàha. Isaky ny alaim-panahy hampiasa ny tambazotra ara-tsosialy ianao, dia mivavàha.

Tadidio fa ny fifadian-kanina dia tsy misy antoka fa hovaliana ny vavaka ataontsika amin’ny fomba izay iheverantsika azy. Ny fifadian-kanina dia tsy midika hoe hihaino antsika bebe kokoa Andriamanitra na hamaly antsika bebe kokoa Izy. Ny fifadian-kanina dia mikasika izay mitranga ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika. Izany dia mahatonga antsika hahatsapa bebe kokoa ny fahalementsika ary hiankina bebe kokoa amin'Andriamanitra. Ny fifadian-kanina dia mahatonga antsika hanana fironana bebe kokoa amin’ny fivavahana sady mampahatsiahy antsika ny amin’ny tokony hivavahantsika amin’ny fontsika manontolo.

Manasa anao izahay mba hivavaka sy hangataka amin’Andriamanitra aloha, ny fomba izay hifadianao hanina – ekeo ny fitarihany anao mba hahazoanao manokana fotoana bebe kokoa hiarahana Aminy amin’ny alalan’ny fivavahana ?

Avy eo dia manasa anao izahay hiaraka aminay mandritra ny andro natokana ho an’ny fivavahana sy fifadian-kanina iarahana amin’ny fiangonana. Na dia misafidy ny tsy hifady hanina aza ianao, dia miaràha aminay amin’io andro fivavahana io. Mandania fotoana alohan’ ireo fotoam-pivavahana amin'ny andro Sabata hivavahana sy hanasana an’Andriamanitra mba hanomana ny fonareo sy ny sainareo. Manasà Azy ianao handresy lahatra anao ny amin'ny fahotana rehetra izay mampisaraka anao Aminy. Ekeo ireo. Mangatàha fanadiovana, fanasitranana ary famelan-keloka. Asao Izy hampiseho aminao izay olona tiany mba hivavahanao. Ento ireo anarana ireo amin’ny fotoam-bavaka amin'ny Sabata, ary hiaraka hivavaka ho azy ireo isika.

Misy olona sasany tsy mahazo aina rehefa mivavaka amin’ny feo avo, noho izany dia mandositra ny fotoana fiaraha-mivavaka iombonana izy ireo. Manasa anao izahay hiaraka aminay na dia izany aza. Afaka mivavaka amim-pahanginana miaraka aminay ianao, manandratra ny antom-bavaka ho an’ny hafa sady koa mivavaka ho an’ireo olona sy zavatra izay entin’Andriamanitra ao am-ponao. Ary ho an'ireo izay matahotra sao dia tsy « tsara loatra » ny vavaka ataony, dia

fantaro fa Andriamanitra dia tsy mihaino ny tenintsika fotsiny fa mijery ny fontsika koa. Tsy mijery ny vavaka tsy dia tsara loatra izy fa kosa mijery ny fahatsoram-pon'ireo mpivavaka izay mitady Azy. Raisiny mandrakariva na dia ireo vavaka tsy tomombana aza, na teo amin'ny fanononana ny teny izany, na koa tsy voalaza mazava tsara ilay tonom-bavaka. Na dia tsy mahay mivavaka aza isika, dia fantany. Mihaino izy. Ary manasa antsika Izy mba hiara-mivavaka.
« Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky etỳ ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany. » (Mat. 18:19).

Manantena anao hiara-mivavaka aminay izahay.